

2 MAY 2010.

18 Iyar 5770.

HATOPAZO LAVITRA NY FIJERINTSIKA.

Ho amin'ny inona no hifantohan'ny herin-tsika rehetra?

«Izao no lazain'i Jehovah Tompo, Izay mamory ny Isiraely voaroaka: Mbola hamory ny sasany koa ho eo aminy Aho, hanampy izay efa voavory eo aminy.» (Isaia 56:8)

«Tsy hangina Aho noho ny amin'i Ziona, Ary tsy hitsaha-miteny Aho noho ny amin'i Jerosalema, mandra-piposaky ny fahamarinany tahaka ny famirapiraty ny mazava, ary ny famonjena azy tahaka ny fanilo mirehitra.Ny firenena hahita ny fahamarinanao, ary ny mpanjaka rehetra hahita ny voninahitrao; dia homena anaram-baovao ianao, Izay hotononin'ny vavan'i Jehovah;» (Isaia 62:1-2)

Marobe ny fotoana, herintsaina ary fitaovana hatokana ho an'ireo izay efa mahafantatra ny fahamarinana kanefa izany dia tokony natao ho an' izay hanazavàna ireo tsy manana ny fahamarinana . Ireo izay tokony hitady ny ondry very dia manjary mitsabo ny mambra ao amin'ny fiangonan-tsika toy ny zanak'ondry marary. Raha nanomboka nikarakara fanahy hafa mila fanampiana ny mambra, ilay Mpiandry tsara dia hikarakara ireo mambra ireo ka ireo aman'arivony izay mirenireny any an'efitra ankehitriny dia hiverina ao ambala. Aoka ny tsirairay hitady sy hamonjy ireo very toy izay hidikondina ao ampiangonana fotsiny. Aoka ny tsirairay hitsangana hiasa, tsy hoe hitsidika fiangonana fa ho any amin'ireo toerana maizina tsy misy fiangonana... Any amin'ny toerana izay tsy nisehoan'ny fahamarinana mihitsy...ary dia hisy fanahy maro hiova fo mihoatra ny vokatry ny asa efa natao hatr'izay. The Review and Herald, 25 juin 1895

Ny fanomanana ny lalana mialoha ny hiavian 'ilay Printsy eny amin'ny rahon'ny lanitra

Asa goavana no miandry any amin'ireo tanàn-dehibe tsy mbola nahalala ny fahamarinana ho amin'izao ankehitriny izao mihitsy. Tsy ny fananganana tranobe hifaninàna amin'izao tontolo amin'ny habehany sy ny hatsarany no tokony hatao fa ny hanohizana mandrakariva ny asam-pitoriana tahaka ny nataon'i Kristy hampandrosoana ny asan'Andriamanitra. Mila hampietry ny fonsika eo anatrehan'ny isia hitady famelan-keloka noho ny nanaovantsika antsirambina ny asa napetrany tamintsika. --*Testimonies* Vol. 9 p. 25

Inona no antenaina amin'ireo fiangonana mitsipozipozy?

« Fa ahoana kosa no hevitrareo? Nisy lehilahy nanana zanaka roa lahy; dia nankeo amin'ny lahimatoa izy ka nanao hoe: Anaka, andeha miasa any amin'ny tanim-boaloboko anio..; » (Matio 21:38)

«Izany dia tahaka ny olona nandeha hivahiny, izay nandao ny tranony ka nanome fahefana ny mpanompony, ka samy notolorany ny raharahany avy, ary ny mpiandry varavarana dia nasainy niambina tsara;» (Marka 13:34)

«Ny fanafody tsara indrindra azo hatolotra ny fiangonana dia tsy ny fanaovana toriteny mananatra na fanakianana fa ny fametrahana drafitra handehanan'ny mpino hiasa. Raha manomboka mirotsaka antsehatra izy ireo, ireo izay tratran'ny fiketrahana dia hanadino ny antony mahakivy azy; ireo izay osa sy malemy dia hihahery; ny tsy ketrina hanjary hanampahalalàna; ary ny rehetra dia hanana fahafahana haneho ny fahamarinana izay eo amin'i Jésofy. Hahita ny tohana izay tsy mety mirodana mandrakizay ao amin'i Kristy izy ireo....Mila mirotsaka amperi'asa ny tsirairay , tsy hoe ho an'ny fiangonana fa ho an'ireo anaty haizin'ny fahadisoan-kevitra.» *The Review and Herald*, 25 juin 1895

